





# NY MASERAN'NY FARITRA





Ny 1 Septambra 2002 tao Nkong-samba : voady voalohan'i Rillindis Nsah.



Ny 25 marsa 2009 tao Bambui : voady mandrakizay nataon'i Masera Rillindis Nsah, teratany kameroniana voalohany



Ny 22 aogositra 2010 tao Nkongsamba : voady voalohan'i Nguegang Djiomague Chimène sy fanavaozana voady nataon'i Masera Etanki Florence Elumpé



Ny 19 aogositra 2011 tao Nkongsamba : voady voalohan'i Nangah Ngwa Adeline, Kayo Tamo Arlette sy Fanny Elamé Jacinta



**N**y 3 aogositra 2013 tao Nkongsamba : voady voalohan'i Shavnyuy Yvette



**N**y 22 februoary 2014 : voady voalohan'i Etoki Alice Brenda Nseng



**N**y 10 mey 2014 tao Tiko : voady mandrakizay nataon'i masera Etanki Florence Elumpé



**N**y 2 aogositra 2014 tao Nkongsamba : voady voalohan'i Akawung Nkem Erica, Kien Anita Ade, Touossock Virginie Laure sy fanavaozana nataon'i Nangah Ngwa Adeline, Kayo Tamo Arlette sy Fanny Elamé Jacinta



**N**y 5 septambra 2015 : Masera Maria Luisa, Lehibe reziônaly CAMEROUN vao voafidy ho an'ny Filàn-kevitra Jeneraly, nandray ny voady voalohan'i Bangsi Emma Fubuniwi

Tamin'io andro io koa no nanolorany ho an'ny masera tsirairay ao amin'ny Faritra CAMEROUN ny sori-dàlan-kiasan'ny Fihaonambe Faratampony 2015.

**N**y 2 aogositra 2016, teo am-pelatanan'i masera Mamy Viviane Razafintsalama, Lehibe Reziônaly vaovao no nanavaozan'i masera, Yvette Shavnyuy ny voadiny ho an'ny telo taona faharoa.



# Veloma sy FISAORANA !



NY 3 aogositra 2013, nisaotra an'i masera Pascale Bouliou ny Faritra noho ny 15 taona niasany tany CAMEROUN tamin'ny fanompoana ny tanora sy ny fanofanana.





Ny 5 septambra 2015, noho ny fahatongavany nanolotra ny soridàlan-kiasan'ny Fihaonambe Faratampony 2015, nisaotra an'Andriamanitra niaraka tamin'i masera Maria Luisa noho ny asa vitany nandritra ny fe-potoana 2 naha lehiben'ny Faritra azy.

Ny 28 desambra 2015, nisaorana masera Béatrice Rasoanirina alohany iverenany an-tanindrazana noho ny taona maro niasany tao amin'ny Faritra taloha sy taorian'ny nanatontosany ny iraka tao amin'ny Fitondrana Foibe.





# Miara-misaotra an'Andriamanitra noho ny Jobilin'i masera Angeline !





Ny 28 desambra 2015 : Eokaristia nisaorana an'Andriamanitra sy fihaonana nahafatra-po noho ny faha-25 taona naha relijiozy an'i masera Angéline

# Arahabaina ry masera mpianatra ! tamin'ity taona 2016...







Ny 29 desambra 2015, masera Arlette nandray ny mari-pahaizana avy amin'ny Sekoly Ambony fanofanana mpampianatra tao amin'ny lapan'ny fanatanjahan-tenan'i Yaoundé.

Ny Avrily 2016, niara-nifaly ny Faritra noho ny fahombizan'i masera Jacinta tamin'ny fanohanany ny asam-pikarohana ao Sekoly mpitsabo mpanampy Md Louis de Bamenda.

# famangian'i Sr Emérentienne, Lehibe Jeneraly



Ny 8 hatramin'ny 23 jolay 2016, Sr Emérentienne nihaona tamin'ny kôminôte rehetra sy namangy ireo toerana anatanterahana ny asam-panirahana.



# ... sy Fankalazana ny faha 40 taonan'ny Fikambanana ... manaiky ny 'Fanambin'ny Fampihavanana'



Ny 5 hatramin'ny 7 aogositra 2016 : fotoana nandinihana, nivavahana, nihaonana tamin'ny hafa...Hafa...

- angatahana ny famelàna, nangatahanay tamin'ny hafa sy tamin'i Jesoa...
- Le Raisina ny famelàna, toy ny fahasoavana misononoka tsy tapaka avy amin'ny fo midanadanan'i Kristy voafantsika sy nitsangan-ko velona...

